## GOVERNEMANTA

FILANKEVITRA MOMBA NY FIFEHEZANA NY TETIBOLA SY NY FITANTANAM-BOLA

### TSOATSORATRY NY FANAPAHANA LAHARANA FAHA-02/2018-CDBF

**mikasika ny fitoriana eo anatrehan' ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola an-dRtoa Rasoavelona Victorine, IM 222 861, Tale Jeneralin' ny Ivontoeram-pirenena momba ny Varotra sy ny Fifaninanana, amin' ny maha Mpanalalana Voalohany sy Olona Tompon' andraikitry ny Tsenambaro-panjakana azy.**

Ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola,

Araka ny Lalampanorenana,

Araka ny lalana laharana faha-2004-006 tamin' ny 26 jolay 2004 andaminana indray sy ampandehanana ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola, novan' ny andininy faha-18 ao amin' ny lalana mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana amin' ny taona 2017,

Noho ireo antony ireo,

Rehefa avy nifampidinihana araka ny lalana,

Dia mamoaka izao fanapahana izao :

Andininy voalohany. – Mahefa hanapaka momba ny raharaha mikasika an-dRtoa Rasoavelona Victorine, Tale Jeneralin' ny Ivontoeram-pirenena momba ny Varotra sy ny Fifaninanana, amin' ny maha Mpanalalana Voalohany sy Olona Tompon' andraikitry ny Tsenambaro-panjakana azy, ny Filankevitra izay nahavoaray ara-dalàna ny fampakaran-draharaha avy amin' ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola.

And. 2. – Nanao fahadisoana ara-pitantanana voalazan' ny andininy faha-6, tsipika faha-3 ao amin' ny lalàna laharana faha-2004-006 tamin' ny 26 jolay 2004 andaminana indray sy ampandehanana ny raharahan' ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola Rtoa Rasoavelona Victorine amin' ny maha Mpanalalana Voalohany sy Olona Tompon' andraikitry ny Tsenambaro-panjakana azy ao amin' ny Ivontoeram-pirenena momba ny Varotra sy ny Fifaninanana, amin' ity tranga ity tamin' ny fandraiketana ny fandaniam-bola alohan' ny nanomezana ara-dalàna hampiasainy ny sorabola mifanandrify amin' izany.

And. 3. – Tsy enjehina Rtoa Rasoavelona Victorine momba ny :

- ny tsy fampiharana ny zava-boalazan' ireo didy amampitsipika momba ny tsenambaro-panjakana mikasika ny farafetra izay mihoatra lavitra ny fahefany, ny tsy fanajana ny tsy maintsy hatao ho fandaminana ny fifaninanana sy tsy nanao doka ara-dalàna, ny fanaovana ny tinady mba hanomezana tombon-dahiny olona arovana tsy marimpototra, ny fandikana ny zava-boalazan' ireo didy amampitsipika mandrara ny fanatanterahana ny fisahanan' asa izay tsy misy fifandraisana amin' ny anton-draharahan' ny antokon-draharaha (andininy faha-7, fitsipika voalohany, faha-2, faha-4 sy farany ao amin' ny lalàna laharana faha-2004-006 tamin' ny 26 jolay 2004 andaminana indray sy ampandehanana ny raharahan' ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola, novan' ny andininy faha-18 ao amin' ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana amin' ny taona 2017);
- ny tsy fandraisana ny fepetra fitandroam-pananana mirona amin' ny fitandroana ny tombontsoa ara-bolan' ny antokon-draharaha ka manao ny fandraiketana ny fandaniam-bola nefa tsy voamarina ny singan-taratasy fanamarinana mifandraika amin' izany (andininy faha-8, tsipika faha-4 ao amin' io lalàna io ihany).

And. 4. – Noho izany voasazy handoa vola mitetina dimy alina sy fito hetsy Ariary (Ar 750 000) Rtoa Rasoavelona Victorine, IM 222 861, Tale Jeneralin' ny Ivontoeram-pirenena momba ny Varotra sy ny Fifaninanana, amin' ny maha Mpanalalana Voalohany sy Olona Tompon' andraikitry ny Tsenambaro-panjakana azy.

## GOUVERNEMENT

CONSEIL DE DISCIPLINE BUDGÉTAIRE ET FINANCIÈRE

### EXTRAIT DE LA DECISION N° 02/2018-CDBF

**relative à la tradiction devant le Conseil de Discipline Budgêtaire et Financière de Mme Rasoavelona Victorine, IM 222 861, Directeur Général de l'Institut National du Commerce et de la Concurrence, en sa qualité d'Ordonnateur Principal et de Personne Responsable des Marchés Publics.**

Le Conseil de Discipline Budgétaire et Financière,

Vu la Constitution,

Vu la loi n° 2004-006 du 26 juillet 2004 portant réorganisation et fonctionnement du Conseil de Discipline Budgétaire et Financière, modifiée par l'article 18 de la loi de Finances pour 2017,

Par ces motifs,

Après en avoir délibére conformément à la loi,

Décide :

Article premier. – Le Conseil régulièrement saisi par le Ministre des Finances et du Budget est compétent pour statuer sur l'affaire concernant Mme Rasoavelona Victorine, Directeur Général de l'Institut National du Commerce et de la Concurrence, en sa qualité d'Ordonnateur Principal et de Personne Responsable des Marchés Publics.

Art. 2. – Mme Rasoavelona Victorine a commis la faute de gestion prévue par l'article 6, 3ème tiret de la loi n° 2004-006 du 26 juillet 2004 portant réorganisation et fonctionnement du Conseil de Discipline Budgétaire et Financière en sa qualité d'Ordonnateur Principal et de Personne Responsable des Marchés Publics de l'Institut National du Commerce et de la Concurrence, en l'occurrence l'engagement de dépense avant que les crédits correspondants n'aient été régulièrement mis à sa disposition.

Art. 3. – Il n'y a pas lieu de poursuivre Mme Rasoavelona Victorine pour :

- l'omission de l'application des prescriptions relatives à la réglementation des marchés publics dont le seuil dépasse largement sa compétence, le non respect de l'obligation d'organiser la concurrence et de procéder à la publicité et, l'exécution de la commande de manière à favoriser un clientélisme injustifié, la violation des prescriptions relatives à l'interdiction d'exécution des prestations dont la nature n'a aucun rapport avec la vocation de l'organisme (article 7, 1er, 2ème, 4ème et dernier tirets de la loi n° 2004-006 du 26 juillet 2004 portant réorganisation et fonctionnement du Conseil de Discipline et Financière, modifiée par l'article 18 de la loi de Finances pour 2017;
- la mégarde sur la prise des mesures conservatoires tendant à la sauvegarde des intérêts financiers de l'organisme en procédant à l'engagement des dépenses sans vérifier les pièces justificatives y afférentes (article 8, 4ème tiret de la même loi).

Art. 4. – Mme Rasoavelona Victorine, IM 222 861, Directeur Général de l'Institut National du Commerce et de la Concurrence, en sa qualité d'Ordonnateur Principal et de Personne Responsable des Marchés Publics est par conséquent condamnée au paiement d'une amende d'un montant de sept cent cinquante mille Ariary (Ar 750 000).

And. 5. – Ampahafantarina ilay voakasika, ny Minisiteran' ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola (Foibem-pitondrana Ankapobe misahana ny Fitantanana ny Volan' ny Mpandraharaha ao amin' ny Fanjakana), ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola amin' ny maha fahefana mpanolotra ny raharaha azy ary ny Minisitry ny Varotra sy ny Fanjifana amin' ny maha mpifehy ambony mivantana azy, ho fampiharana ny andiny faha-22 ao amin' ny Lalàna laharana faha-2004-006 izay voalaza etsy aloha.

Natao tao Antananarivo tamin' ny fotoam-pitsarana tsy ampahibemaso ny dimy amby roapolo janoary taona valo ambin' ny folo sy roa arivo.

Natao tao Antananarivo, ny 17 oktobra 2018.

*Manaraka ny sonia,*

Art. 5. – En application de l'article 22 de la loi n° 2004-006 précitée, la présente décision est notifiée à l'intéressée, au Ministère des Finances et du Budget (Direction Générale de la Gestion Financière du Personnel de l'Etat), au Ministre des Finances et du Budget en tant qu'autorité de saisine et au Ministre du Commerce et de la Consommation en tant que supérieur hiérarchique direct.

Fait à Antananarivo en son audience privée du vingt-cinq janvier deux mil dix huit.

Fait à Antananarivo, les 17 octobre 2018.

*Suivent les signatures,*